

# TORITENY - Alahady 24 Janoary - TSOTRA FAHA 3 - TAONA D



***Natolotra Azy ny bokin'i Izaia mpaminany, ka nony novelariny dia hitany ny teny voasoratra hoe: "Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo...."***

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny Alahady teo isika nanomboka ny vanim-potoana andavanandro anatin'ity taona famindrampon'Andriamanitra ity dia mampisongadina fa tsy irery isika amin'izany lèlampianantsika izany miatrika ny fainana, miatrika ny zava-misy sy ny mety ho fijaliana sy fahoriania ary ny sedra fa miaraka amintsika lalandava ilay Reny tsy mahafoy dia i Masina Maria. Izy no manelanelana atsika, mivavaka ho antsika, mangataka amin'i Jesoa araka izay mahasoa atsika amin'ny fainantsika. Niantitranterintsika ireo siny enina izay entintsika mamakivaky ny taona, novan'i Jesoa ilay rano tsy misy tsirony ho zary divay mamelembelona ka mamenno ny fiaianantsika ho feno hafaliana tahaka ny fampakaram-bady tao Kana satria araka ny nanoritantsika azy, ny fakamparam-bady, ny mariazy dia tandindon'ny hafaliana izay miandry antsika any amin'ny fainan-ko avy izay santarintsika eto anivon'ity fainantsika ity raha miombona amin'Andriamanitra isika, raha miova ny fontsika, raha mandray ny famindrampon'Andriamanitra isika. Izay ihany koa no ambaran'ireo vakiteny aroson'ny fiangonana amintsika ; arakaraky ny handraisantsika ny tenin'Andriamanitra no mampiova ny fontsika. Izay no

**Vakiteny I : Neh. 8, 1-4a. 5-6. 8-10**

**Tononkira : Sal. 18, 8. 9. 10. 15**

**Vakiteny II : 1 Kôr. 12, 12-30**

**Evanjely : Lk. 1, 1-4; 4, 14-21**

mahatonga ahy matetika milaza amintsika : Aoka ho sofim-pinoana no andraisantsika ny hafatr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny teniny dia i Jesoa indrindra amin'izao taona masina izao. Aoka ny isam-pianakaviana hivavaka ary mba hametraka ny fandalinam-pinoana ho fototry ny fainana. Ny fototry ny fandalinam-pinoana dia ny tenin'Andriamanitra, ary miova ny

fiainantsika raha raisintsika ny tenin'Andriamanitra. Matetika aho manafatra ny tanora hoe: raha ny fotoana hamakiana ny SMS no hamakiana ny tenin'Andriamanitra dia lavitra atsika ny ratsy, lavitra atsika ny demony, tsy hanjakazaka amintsika ny club satanique raha ny tenin'Andriamanitra no vakintsika toy izay ireo SMS maro samihafa. Raha volavolaïn'ny tenin'Andriamanitra tokoa isika dia miova ny fontsika ka lasa fo vaovao izay no ambaran'ny bokin'i Nehemia amin'ny vakiteny voalohany (*Neh. 8, 1-4a. 5-6. 8-10*) : raha nandray ny tenin'Andriamanitra ny vahoaka, raha novakina sy novoasana ny tenin'Andriamanitra dia niditra tao ampony. Rehefa tonga Esdrasa nanadiady nanambara momba ny lalàna dia namaly ny vahoaka: Amen, Amen, niankohoka tamin'ny tany izy ireo nandray ny lalàna ka nampiova azy ireo, ny fiainan'ny zanak'Andriamanitra no nanjary fiainan'izy ireo. Novoasan'i Esdrasa tamin'ny vahoaka ny tenin'ny Tompo tamin'io andro io ka noraisina ho andro masin'ny Tompo.

Izay koa ny faniriana amin'izao taona masina izao. Masina ny taona raha eo anivontsika ny Tompo ary eo anivontsika izy raha mandray ny tenin'Andriamanitra isika. Amin'izay dia ho tena vatana ho iray ao amin'i Kristy isika hoy Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa (*1 Kôr. 12, 12-30*) : ary rehefa volavolaïn'ny tenin'Andriamanitra tokoa isika dia arakaraky ny taletantsika tsirairay avy dia hahafoy isika, hifanasoa isika. Vatan'i Kristy anareo hoy Md Paoly ka samy ratsambatany manaraka ny laharany tsirairay avy. Arakaraka izay ratsambatana izay sy arakarak'ireo fahasoavana, arakarak'ireo talenta omen'Andriamanitra atsika dia miroso tsikelikely isika manorina ny Eglisy trano, ny Eglisy olo, ary izay no tandindon'ny "chapelle" ny famindrampo izay karakaraintsika eto Antsiranana io, hamolavola atsika, hamolavola ny fontsika. Samy hahafoy isika, hahafoy ho an'ny namana, hahafoy ho an'ny Eglisy. Izany no fandraisana antanana. Izany no ambaran'i Jesoa raha niditra tao an-tempoly izy ka nandray ny boky : Ato amiko ny fanahin'ny Tompo, nirahina aho history ny vaovao mahafaly amin'ny mahantra.

Izay tokoa no hafatra sarobidy amin'izao taona masina ny famindrampo izao.

Nirahin'Andriamanitra i Jesoa eto amintsika hamindra ny fon'Andriamanitra mba ho hatonintsika ary dia isika koa araka ny soratra amin'ny logo: "Aoka ho mpamindra fo tahaka ny Ray" hamindra fo amin'ny hafa. Ny famindrana fo dia fitoriana ny vaovao mahafaly, ny fizara ny hafalian'ny vaovao mahafaly eo anivon'ny mpiara-belona ka amin'izay dia samy hifampizara ny talenta isika, hifanasoa isika ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana. Tsy misaraka amin'ny fahamarinana ny famindrampo ary miezaka ihany koa isika miala amin'ny ratsy, ny risoriso sy ny fitapitaka fa hampanjaka kosa ny rariny sy ny hitsiny, hampanjaka ny fahamarinana amin'izay dia ho taom-pahasoavana ho antsika tokoa izao taona masina izao.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, Ianao tokoa eto anivonay, ianao no mitory ao aminay, enga anie ny fanahinao hanentana anay, hahatonga anay history sy hizara ny vaovao mahafaly amin'ny fahasoavana ny hafa, hampivoatra ny fiainanay, hanala anay amin'izay mamatopatotra anay, hiala amin'ny fanandezozan'ny fahotana izahay fa mba hiroso amin'ny fahafahana, miombona anjara amin'ny fiainanana sarobidy ao aminao. Amen